

17 jiona 2010.

5 Tamouz 5770.

Azo ovana ve ny lalàn'Andriamanitra?

«*Ary handeha amin'ny malalaka aho; Fa ny didinao no tadiaviko*» (Salamo 119:45)

Mpitondra fivavahana maro no manambara fa Jesosy dia nanafoana ny Lalàna noho ny fahafatesany ka dia tsy voatery hitandrina izany intsony isika. Misy aza mampiseho azy io ho toy ny zioga manavesatra ka mampifanohitra ilay lalàna manandevo izay lazain'ny Filazantsara.

Tsy toy izany anefa ny fahazahoan'ny apostoly sy ny mpaminany ny Lalàn'Andriamanitra. Hoy Davida: "*Ary handeha amin'ny malalaka aho; Fa ny didinao no tadiaviko*" (Salamo 119:45) "*Lalàn'andriana*", "*Lalàna tanteraka, lalàn'ny fahafahana*" no niantsoan'ny apostoly Jakoba ny Didy folo taorian'ny nahafatesan'ny Mpamonjy." (Jakoba 2:8; 1: 25) ary ilay nahita fahitàna tao Patmos, ytaonjato iray taorian'ny hazo fijaliana dia nanonona izao fitahiana izao ho an'ireo "*izay mampihatra ny didiny; mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina sy hidirany amin'ny vavahady ho ao an-tanàna*" (Apok.22:14) (*Fandikateny an'i Lausanne*). Tsy nahitàna porofo ny filàzana fa nanafoana ny Lalànan'ny Rainy tamin'ny nahafatesany Jesosy. Raha ho azo natao ny nanova na nanafoana ny Lalàna dia tsy nilaina ho faty ny Zanak'Andriamanitra mba hanalàna ny olona tsy ho tratran'ny sazy avy amin'ny fahotàna.

Mampihavana ny olona amin'Andriamanitra sy amin'ny fotopoto-pitsipiky ny lanitra: izany no asan'ny fiovam-po sy fanamasinan-toetra. Nifandrindra tanteraka tamin'ny zava-boahary sy ny lalàn'Andriamanitra ny olombelona izay nohariana araka ny endriny Tao ampony ny foto-kevitra ny fahamarinana. Saingy nampisaraka aminy tamin'Andriamanitra ny fahotàna. Tsy manapariaka ny endriny intsony izy. Mikomy amin'ny foto-pitsipika masin'ny lalàna izy. "*satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitra ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn'Andriamanitra, sady tsy hainy akory izany*" (Romana 8 : 7). Fa tian'Andriamanitra aoka izany izao tontolo izao ka dia nafaony ny Zanany lahy tokana "Nampihavana ny olona taminy". Noho ny fahamendrehana'i Jesosy dia vita ny fifanarahana teo amin'ny Mpamorona sy ny voariny ka ity farany ity dia nohavaozin'ny fahasoavan'Andriamanitra ka nomena fiainana vaovao; voaovan'ny fahaterahana indray izay raha tsy misy an'io hoy Jesosy " dia tsy hisy hahita ny fanjakan'Andriamanitra"

Ny dingana voalohany amin'ny famitrana-pihavanana aminy dia ny fandresen-dahatra ny fahotàna. "*Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna.*" (1jaona 3:4/ Rom.3:2) . Mila manohatra ny tenany eo amin'ilay fitsipika lehiben'ny lanitra ny mpanota raha te hahita ny mahameloka azy. Fitaratra mahatoky izay mampiseho ny toe-piainana tanteraka io ka manome fahafahana ny mpanota hijery akaiky ny fahalemeny.

Kanefa raha mampiseho antsika ny fahotàna ny Lalàna dia tsy manolotra fanafody kosa izy. Raha mampanantena fiainana ho an'izay mitandrina izany izy dia manambara ny fahafatesana ho sazin'ny mpandika lalàna. Ny Filazantsara ihany no afaka manadio amin'ny fandotòn'ny ota. Amin'ny alalan'ny fiovam-po amin'Andriamanitra izay nodikainy ny didiny sy amin'ny finoana ilay fanatitra hanaterapanavotana nataon'i Jesosy Kristy dia mahazo ny famelàna ny fahotàna lasa rehetra ny olona ary lasa mandray anjara amin'ny fomban'Andriamanitra.

Ny fanontaniana hoe: moa malalaka amin'ny fandikàna lalàna izany izao isika? Iza no navalin'i Paoly: "*Koa mahafoana ny lalàna amin'ny finoana va isika? Sanatria izany! fa mampiorina tsara ny lalàna isika*" "*Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany?*" (Rom.3:31/ 1Jaona5:3) . Vokatry ny fahateraham-baovao dia nampirindrina tamin' Andriamanitra sy ny Lalàny ny mpanota. Raha vantany vao tonga io fiovàna io dia mifindra avy eo amin'ny fahafatesana mankany amin'ny fiainana, avy eo amin'ny fahotàna mankeo amin'ny fahamasinana, avy eo amin'ny fandikan-dalàna sy ny fikomiana ho amin'ny fankatoavana sy ny fahatokiana...

Ellen G. White *A new life* p 11-13

